FILOHA RAVALOMANANA

Efa mihoatra ny fefy ny zava-misy, miantso ny olon-drehetra tsy ankanavaka hijoro

MANOLOANA NY KRIZY SAMY HAFA ETO AMIN'NY FIRENENA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO, IZAY TSY VOAVAHAN'NY MPITONDRA INTSONY, MANOLOANA NY FANITSAKITSAHANA NY DEMÔKRASIA SY NY LALAMPANORENANA ARY NY LALÀNA IRAISAM-PIRENENA ATAON'NY FITONDRANA RAJOELINA, NANAO FANAMBARANA OMALY NY FILOHAN'NY RODOBEN'NY MPANOHITRA RMDM, SADY FILOHA NASIÔNALIN'NY ANTOKO TIAKO I MADAGASIKARA (TIM), MARC RAVALOMANANA. EFA MIHOATRA NY FEFY NY ZAVA-MISY ETO AMINTSIKA HOY IZY. NIANTSO NY OLOM-PIRENENA REHETRA HIJORO IZY NANDRITRA IZANY, MIANTSO FIKAONANDOHAM-PIRENENA IHANY KOA, HANDRAISAN'NY HERY VELONA REHETRA ETO AMIN'NY FIRENENA TSY ANKANAVAKA ANJARA, TOY NY : ANTOKO POLITIKA, NY FIARAHAMONIM-PIRENENA, NY SENDIKA, NY AVY AMIN'NY FIANGONANA SAMIHAFA MISY ETO AMIN'NY FIRENENA,… HIARA-HIDINIKA HIJERY VAHAOLANA MAHOMBY, SY HO EKEN'NY REHETRA IREO FIFIDIANANA HO AVY ETO AMIN'NY FIRENENA :

Ny filoha Ravalomanana, sy ireo depiote TIM, teny Faravohitra, omaly tolakandro.

«Mandalo krizy ara-toekarena sy ara-tsosialy tsy mbola nisy toa azy ny firenena, izay mahatonga ny ankamaroan'ny mponina iaina ao anatin'ny fahantrana lalina. Manjaka ny tsy fandriampahalemana, na an-tanàn-dehibe na any ambanivohitra, ary tsy misy vahaolana mazava atolotry ny fanjakana amin'izany rehetra izany. Io fahantrana ankapobeny io, dia vokatry ny tsy fahaiza-mitantana sy ny tsy fahombiazan'ny fitondrana ankehitriny.

Lasa laharam-pahamehan'ny fitondrana anefa ny fandraràna ny antoko TIAKO i MADAGASIKARA (TIM) tsy hanao ny «redynamisation», na ny fameloma-maso ny antoko any amin'ny Faritra, toy ny niseho tany Antsirabe ny sabotsy 28 mey teo. Fanitsakitsahana ny lalàna iraisam-pirenena io fandraràna io, indrindra ny Fanambarana Iraisam-pirenena momba ny Zon' olombelona sy ny Fifanekena Iraisam-pirenena Momba ny Zo Sivily sy Politika (Pacte International Relatif aux Droits Civils et Droits Politiques), izay nankatoavin'i Madagasikara tamin'ny 1971.

Ankoatra izany, ny Laàmpanorenana dia miantoka ny fahalalahana maneho hevitra ao amin'ny andininy faha-10, ary ny "zo hivezivezy malalaka manerana ny tanin'ny Repoblika" ao amin'ny andininy faha-12. Ny fanakanana sy fisavana ny delegasiôna notarihin'ny Filoha nasionalin'ny TIM, sy ny fandrarana ny fameloma-maso, izay nokasain'ny antoko TIM hatao tao Antsirabe ny sabotsy 28 mey 2022, dia tena fanitsakitsahana ny Laàmpanorenana.

Fanararaotam-pahefana ireny fepetra noraisina tamin'ny mpanohitra ireny, ary ny mpitandro ny filaminana dia lasa atao herim-pamoretana arapolitika iarovana ny tombontsoan'ny antoko eo amin'ny fitondrana.

Ny zava-mitranga amin' izao fotoana izao, dia afahana milaza sahady fa tsy azo antoka ny hisian'ny fifidianana malalaka sy mangarahara, ary eken' ny rehetra. Efa mipetraka avokoa ny zavatra rehetra, hanerena ny fandresen'ny kandidam-panjakana amin'ny fifidianana ho avy.

Araka izany, dia manameloka mafy ny fanitsakitsahana ny zo fototry ny antoko TIM, sy ny antoko mpanohitra amin'ny fikarakarana fivoriana politika am-pilaminana izahay.

Ary manameloka ny fanararaotam-pahefana sy ny ramatahora ataon'ny fitondrana amin'ny mpanohitra, sy ny olom-pirenena tsy mitovy hevitra ihany koa izahay.

Noho izany, manao antso avo amin'ny antoko politika rehetra, ny fiarahamonim-pirenena ary ny olom-pirenena rehetra izahay, hanohitra ny fametrahana ny jadona eto amin'ny firenena. Aoka tsy avela hilentika ao anatin'izao fahoriana mihoapampana sy tsy rariny atao azy izao ny Malagasy.

Miantso ny mpitandro filaminana, miaramila, zandary ary polisy koa izahay mba tsy hanaiky ho atao fitaovana politikan'ny mpitondra intsony. Ny andraikitrareo dia ny manompo ny firenena sy ny fiarovana ny tombontsoan'ny vahoaka fa tsy ny olom-bitsy. »

Nangonin'Isambilo

Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

Toa mamerina ny fomba ratsy tamin'ny revôlisiôna sôsialista

Miverina indray ny fomba ratsy nataon'ny fitondrana nandritra ny Revôlisiôna Sôsialista, ka nisian'ny filaharana nividianana ireo kojakoja ilain'ny mponina andavanandro toy ny vary, menaka, savony, sns... Nasiana ihany koa ny « tsaky popy », kanefa tsy nanala ny fahasahiranan'ny vahoaka izany. Tsy azo adinoina ihany koa ny fiampangana manamboninahitra ambony ho nitady hamono ny filohan'ny Repoblika II. Ny nahavariana tamin'izany fotoana izany dia tsy nisy velively ny fahalalahana naneho hevitra sady tsy nisy antoko politika mpanohitra, fa nasaina nivondrona tao amin'ny nantsoina ho « Mandatehezan'ny Tolom-piavotana ny antoko nijoro. Nisy ny « polisy politika » ary nitsangana mihitsy ny tribonaly ekonomika ary voafetra ny vola vahiny azo nentina nivoaka. Nijoro ny ray aman-dreny, Monja Jaona, nanohitra ny taona 1977, saingy nosamborina dia nalefa tany Ankilivondraka « tanàna voaara-maso » (résidence surveilée). Tsy azo lavina kosa anefa fa tamin'izany no nitsangana ny Oniversite enina tany amin'ny renivohitry ny faritany dimy ankoatry ny teto an-drenivohitra. Maro ireo tanora afaka nandranto fianarana tany ivelany na dia nisy aza ny sivana sy ny « quota ethnique ». Tetsy ankilany anefa dia nanangana fotodrafitrasa toy ny « idée 21 » izay tsy niteraka vokatra na inona na inona teo amin'ny sehatra sosialy na ekonomoka ny fitondrana tamin'izany. Isaky ny nandeha tany ivelany ny filohan'ny Repoblika tamin'izany fotoana izany, no nisy tranga nolazaina fa nanohintohina ny filaminana. Amin'izao fotoana izao dia mahantra fadiranovana ny sivifolo isan-jato maherin'ny vahoaka Malagasy. Tsy mazava ny fampiasana ny vola fanampiana avy any ivelany ka asaina milahatra « vatsy tsinjo », « tosika fameno » ny mpiray Firenena, tsy ny rehetra anefa no misitraka izany, fa misy ny fanavakavahana ara-politika. Nisy koa ny fizarana vola ho an'ny vondron'olona sasany izay sahirana kanefa tsy nahavita taona izany fa indray mandeha tsy niverina ihany. Nisy koa hono ny tetika saika namonoana ny filohan'ny Repoblika, « Apollo 21 », ka niampangana manamboninahitra ambony ihany koa. Tsy misy tohiny avokoa ireo trafika isan-karazany tratra tany ivelany ary tsy misy voasambotra ireo mpandraharaha tsy namerina ny vola vahiny (rapatriement de devises), na dia nolazaina aza fa misy izy ireo any am-pelatànan'ny mpitondra. Miakatra tsy misy fitsaharana ny vidim-piainana dia ny vahaolana hitan'ny mpitondra dia ny manafatra ny zavatra ilain'ny mponina andavanandro, ka naverina indray ny tsena mora etsy sy eroa kanefa toa ny an-tanàn-dehibe ihany no misy izany. Ny any ambany ravinkazo rehetra any dia tsy mba misitraka izany. Tany Atsimo izay nisy ny kere aza dia nozaraina vary masaka ny mponina ary indray andro dia ny filohan'ny Repoblika sy ny vadiny, no nirotsaka nandoatra izany. Patsa indray mahandro tokoa ka ny ampitso dia niverina nihinana izay voankazo hita indray ny mponina. Zarina omem-potsiny ny vahoaka, ka rehefa tsy misy dia tsy manana hery entina miasa entina mamokatra akory. Izao vao milaza hanao fivoriana hitadiavana tetika hampiroboroboana ny fambolena sy fiompiana satria hahazoana famatsiam-bola izany. Tsy misy ny fahalalahana demokratika, ka vao omaly dia sakanana tsy hamory olona ny antoko TIM, tany Antsirabe kanefa ny antoko eo amin'ny fitondrana dia omena alàlana. Tsy mitsahatra ny fanitsakitsahana ny lalàna velona ataon'ny fitondrana amin'izao fotoana izao. Eo amin'ny sehatra fananganana fotodrafitrasa indray dia faly mitokana ireo zava-bita efa nahazoana famatsiam-bola tamin'ny fitondrana teo aloha no atao, misy aza ireo efa nijoro no lokoina lokom-boasary. Eo amin'ny resaka fifamoivoizana dia potika ireo làlampirenena, ny an-tanàn-dehibe dia feno lavadavaka, izay miteraka fitohanana izay tsy izy. Manao andrana ny eto an-drenivohitra kanefa mbola ny teo ihany no eo, hany ka manambara ny ben'ny tanàna fa ny "télépherique" ihany no vahaolana. Misy aza ny ao amin'ny fiadidiana ny tanàna no miteny, fa ho foanana mihitsy hono ny fiara fitateram-bahoaka, ka ny fitaterana an-tariby no hasolo izany. Tsy fantatry ny ao amin'ny fiadidiana ny tanàna ve hoe olona firy no zakan'ny "cabine" iray ary hisy fiantsonana daholo izany eny amin'ireo toerana misy izany amin'izao fotoana izao. Hanampy trotraka izany ny fahatapahan-jiro tsy misy farany, ka hihantona eny ambony eny izany ny mpandeha sa efa misy elon'aina ao amin'ny "cabine" ka raha sendra misy izany dia mitsambikina fotsiny ny mpandeha na tsy mbola tonga any amin'izay halehany aza. Mpanjakan'ny hala-tahaka sy mamerina ny fomba fanao ratsy tany aloha, izay tsy nitondra fivoarana sy tsy nampisy fampandrosoana, izao fitondrana ka na hidona amin'ny rindrina na hifoteran'ny ataony. Mahaiza manetsa ravaly, fa hafa ny anio sy ny omaly.

Andry Tsiavalona

Fetin'ny Reny tao amin'ny Magro Behoririka

Afapo ny mpivarotra sy ny mpividy ary ny mpikarakara

2 andro no nanatanterahana varotra fampirantiana momba ny Fetin'ny Reny, tetsy amin'ny Magro Behoririka ny faran'ny herinandro teo. Tranoeva miisa 20 mahery no nampiranty entana samy hafa tao an-toerana, entana samy hafa azo natao fanomezana ho an'ny Reny tamin'ny fetiny ny alahady lasa teo: tao ny kiraro, ny akanjo, ny poketra, ny voninkazo, ny sakafo, ny fitaovana samihafa fikarakarana ny endrika amam-bika, fitaovana fampiasa an-dakozia, fitaovana samy hafa any an-tokantrano,… Ireo efa matihanina amin'ny fanaovana varotra fampirantiana no naneho ny entany avy tao. Tao aorian'ny hetsika, nanambara izy ireo fa netinety ny tsena, midika izany fa nahafapo ny hetsika natao, satria ny Malagasy tsy tena milaza ny tena zava-misy izany amin'ny ankapobeny fa miolakolaka izay, matoa izy ireo niteny hoe:"netinety ny tsena", azo lazaina ho nety izany, na fanombohana ihany aza, iny hetsika natao tao amin'ny Magro Behoririka iny; izay mbola hitohy amin'ny manaraka araka ny nambaran'ny mpikarakara. Ny mpividy na ny mpanjifa koa dia afapo tamin'iny hetsika tao Behoririka iny. Ho an'ny mpikarakara, ny vola azo: hofan'ny tranoeva nandritra izany dia hoentina hanaovana asa soa, hanampiana ireo zokiolona amin'izao hidirana amin'ny vaninandron'ny ririnina izao eto amintsika.

Isambilo

Ny varotra fampirantiana tetsy amin'ny Magro Behoririka ny zoma sy ny sabotsy lasa teo.